“Tsy hiditra ao amin’ny Paradisa izay mpitondra resaka mampiady. ”

Tatitra azo avy tmin'i Hozhaifa (R.A) niteny : Izaho nandre an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny hoe : “Tsy hiditra ao amin’ny Paradisa izay mpitondra resaka mampiady. ”
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Milaza i Mpaminany (S.A.W) ka manazava Amintsika fa ny mpifosafosa iray izay mampita teny eo amin’ny samy Olona amin’ny fikasana hanao fikorontanana sy hady eo amin’ny samy izy ireo dia mendrika amin'izany Olona izany ny ho sazina ka ny sazy sahaza Azy dia ny tsy fampidirana Azy ao amin’ny Paradisa.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5368